



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO AKOM-BAOVAO NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 23 - 29 SEPTAMBRA 2015

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

VAOVAO NISONGADINA

Herinandro taorian'ny fanambarana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana kaominaly, ireo ben'ny tanàna teo aloha sy ireo PDS dia mbola miasa noho ny antony maro samihafa. Izany dia fanoherana ny vokatra ofisialy izay nanaovana fitoriana tany amin'ny filankevi-panjakana sy ny fandaminana hanaovana ny fifidianana kaominaly ampahany any amin'ny fari-pifidianana sasantsasany. Eo ampiandrasana, ireo ben'ny tanàna sasantsasany, na dia mbola tsy nomena ny fahefana ofisialy hiasa aza, dia efa nampiseho ny fahavononany handray ny toerany. Izany no nahatonga an'i Lalao Ravalomanana nanao fitsidihana tsy nampoizina tao amin'ny Lapan'ny tanàna izay nifampiresahany tamin'ny PDS teo alohany. Nitàna ny sain'ny haino aman-jery tao an-drenivohitra io vaovao izay nahatonga adihevitra be io. Ny **Radio PLUS** sy **MA-TV** izay tsy te hampiseho ny fiandiana mihitsy, dia tsy nijanona ela tamin'io resaka io fa nianina tamin'ny fitaterana ny zava-misy. Tsy toy izany anefa ny an'ny **VIVA TV** izay nilaza ny vaovao tamin'ny fidirana lalindalina kokoa na dia tsy mitsipaka loatra aza. Ny fandaharana roa misesisesy natokany ho amin'ny zava-mitranga dia nataony ilazana tsikera masiaka ho an'ny vadin'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana. Any amin'ny faritra, ny firehetam-pon'ny ben'ny tanàna vaovao dia tsy mendrika homarihina loatra. Ny radio **SITENY** araka izany dia nampahafantatra tamin'ny fomba tsy mitanila fa ny ben'ny tanàna voafidy tao Toliary dia nilaza ny fahavononany hisokatra amin'ny tolo-kevitra rehetra. Tao Fianarantsoa kosa, ny adihevitra nihodidina tamin'ny fiaraha-miasan'ireo antoko izay nandray anjara tamin'ny fifidianana ka manan-jo hahazo toerana ao amin'ny filankevitra kaominaly dia miteraka ahiahy. Raha ny mikasika izay, ny **Radio TSIRY** sy ny **RTV** dia nanokana ny fakàna am-bavany an'i Alain Ramampiarivelo ao amin'ny TIM sy Andriamampiantra Bruno, "administrateur civil", izy roa ireo dia samy nanao fandinihana izany. Ireo haino aman-jery roa dia samy nihatakataka ka tsy nanao fanadihadiana-baovao. Ny fahitalavitra **VIVA** sy **TVM** ao Mahajanga kosa dia nanindry ny amin'ny nanaovan'ny minisiteran'ny atitany fanofanana ho an'ireo ben'ny tanàna vaovao mba hanaovana ny famindram-pahefana ho an'ny faritra Boeny. Mikasika ny famerenana ny latsabato any amin'ny kaominina sasantsasany, ny haino aman-jery ao an-drenivohitra sy ireo faritra voakasika dia nanan-teny mikasika ny toe-java-misy. Ny **Radio ANTSIVA** dia mampahafantatra arak'izany ny fanoheran'ny MAPAR ny vokatra nambaran'ny fitsarana misahana ny ady ifanaovana amin'ny Fanjakana ao Fianarantsoa. Raha toa ny **ANTSIVA** ka nanao fanadihadiana lalina sy tsy mitanila, **VIVA TV** kosa dia nanome tombondahiny ny filazan'ny kandida Christine Razanamahasoa, nitondra fanazavana mikasika ny fepetra araka ny lalàna manamarina ny fitoriana. Tao amin'ny filazam-baovaony avy, ny **RFONE** sy ny

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Radio TSIRY ary ny **RTV** ao amin'ny faritra ao Fianarantsoa dia nilaza ny vaovao tsy miandany ary namelabelatra ny fanohanana hita maso ataon'ny mpikambana ao amin'ny MAPAR an'i Christine Razanamahasoa mandritra ny famoriana mpanao gazety natao tao Beravina. Ho an'ny faritanin'i Toliary kosa, ny **RTV SOATALILY** irery ihany no nitatitra mazava tsara ny vaovao ka namelabelatra ny fandikan-dalàna hita fototra tany amin'ny kaominina 7 izay tsy maintsy averina ny latsabato.

Nisarika ny sain'ny haino aman-jery ihany koa ny fandinihana ny lalàna mikasika ny CENI tamin'ny fivoriana tsy ara-potoana taorian'ny filankevitry ny minisitra tamin'ny volana septambra lasa teo. Ny tena tanjon'ny fivoriana izay handaniana ny volavolan-dalàna mikasika ny CENI dia tena zava-dehibe tokoa ho an'ny fametrahana ny andrim-panjakan'ny Repoblika hoy ny Praisinisitra. Fitantarana ny zava-niseho tamin'ny nanaovana ny fivoriana no notaterin'ny **TVM**, ny **RNM**, ny **TV PLUS** ary **MA-TV**. Na izany aza, ny **MA-TV**, nitondra fanazavana bebe kokoa dia naka loharanom-baovao maromaro avy amin'ny andrim-panjakana sy ara-politika tamin'ny fanangonam-baovao nataony. Ny **FREE FM** koa dia nanadihady lalina na dia lasa tsikera aza izany, izy dia mihevitra fa ny nanaovana io fivoriana io dia handraiketana ny fandandianam-poana satria efa ho avy ny fivoriana ara-potoana. Nitovy hevitra tamin'izany koa ny **VIVA TV** ka nitsikera ny fanapahan-kevitra ny mpanatanteraka. Maro noho izany ny zavatra noforoniny tao anatin'ny fanadihadiany. Tany amin'ny faritra, indrindra tao Fianarantsoa, ny **Radio TSIRY** dia niahiahy ny amin'ny mety tsy ho fanajana ny lahadinika. Nihamafy izany ahiahy izany noho ny fidirana an-tsehatry ny solombavambahoakan'ikalavamony izay nanasongadina fa ny solombavambahoaka dia misitraka tamby amboniny amin'ny fandraisana anjara amin'io karazam-pivoriana io.

FOTOTRY NY DISADISA

Ny firongatry ny tsy fandriampahalemana dia nijanona ho ivom-baovao tamin'ity herinandro ity, indrindra ny halatr'omby tany Atsimo. Ao koa ny fanohizana ny hetsika Fahalemana izay mahabe adihevitra. Ny **RNM** sy ny **FREE FM** dia nankasitraka izany hetsika izany tamin'ny famporisihana ny mpitantandro ny filaminana amin'ny fanatontosany ny asany. Ny **FREE FM** kosa dia niroso lalindalina tamin'ny fampidirany loharanom-baovao samihafa. Ny **TV PLUS** sy ny **ANTSIVA** kosa dia manome ny heviny mikasika ny fitoetry ny Vondrona iraisam-pirenena, izay andaniny izy ireo miampana ny fihetsiny izay miteraka adihevitra ary ankilany ny tsy fanehoany hevitra na kely aza manoloana ny fahafatesan'ireo mpitantandro ny filaminana. Tany amin'ny faritra, ny **Radio SITENY** dia nipetraka ho mpanara-maso ka nitatitra fa ny fisavana nataon'ny miaramila nanao ny hetsika, ny tranon'ny kolonelin'ny zandarimaria, izay nahiana ho nampiantrano ny lehiben'ny Dahalo dia nahatonga ny fahatezeran'ny foko. Mifanohitra amin'izany, ny **RTV SOATALILY**, dia nijery ny lafin-tsarany ka nanao ny toman'asan'ny zandarimaria taorian'ny fanafihan-dahalo tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Fotadrevo. Ny fanadihadiana amin'ny antsipiriany nataony dia nahazoana nilaza fa nahomby ny hetsika noho ny fiaraha-miasan'ny mpitantandro ny filaminana sy ireo mpiambina ka nahasamborana jiolahy tompon'antoka tamin'ny fanafihana sy famerenana ireo omby nangalarina.

FILAZA TSY MENDRIKA

Niteraka fanamarihana mandrangitra ny fidirana an-keriny nataon-dRavalomanana mivady tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely. Ravalomanana mihitsy no nilaza raha niresaka ny mikasika ny vadiny hoe : « *Tsy lany ben'ny tanàna izy raha nitondra ny anarako* ». Ankoatr'izany, ireo teny ireo dia tsy nampilamina ny hevitra ny vahoaka izay maheno hatrany fa saribakolin'ny vadiny i Lalao Ravalomanana. Ny mpanao gazetin'ny **Radio ANTSIVA** aza dia niahiahy mihitsy ny amin'ny



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



fandresen'izy mivady ary miampanga azy ho mivarotra tanindrazana tamin'ny fahitany ny fiarahamiasany amin'ny vahiny. Ny **VIVA TV** kosa dia mahita amin'ny fihetsik'i Lalao Ravalomanana fa miankin-doha amin'ny vadiny, ka naneso azy tamin'izany.

Ankoatr'izany, lasibatra ny haino aman-jery ny mpanao politika hafa. Tao amin'ny **Anao ny Fitenenana**, ny mpanao gazetiny ny **FREE FM** dia tsy nandanjanja ny teniny ka nitsikera ny minisitry ao amin'ny governemanta hoe « Minisitry tsy manana fahaiza-manao, mpanao kolikoly, maty eritreritra ». Toy izany koa, nandritra ny fivoriana tsy ara-potoana, ny solombavambahoaka Jao Jean dia nanao teny mahery tamin'ny minisitry ny Atitany, tao amin'ny fampahalalam-baovaon'ny **KOLO TV** : « *Miantso ny governemanta aho mba hanala ny minisitry ny Atitany satria izy dia mamotika ity firenena ity ary mandrehitra fifandrafiana eo amin'ny samy Malagasy.* » Manoloana izany, ny mpanao gazety dia nijanona ho mpitazana fotsiny ihany. Mpihaino iray koa tao amin'ny fandaharana **Demokrasia mivantana** ao amin'ny **RADIO PLUS** no nitsikera ny kandidan'ny HVM ho tsy mahavita azy. Tsy noraharahian'ny mpanao gazety izany filaza izany.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Site web : www.incipals.eu

Leader du Consortium:

Membres du Consortium:

